REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILAN-KEVITRY NY MINISITRA

*Alarobia 04 septambra 2024*

Notanterahina androany Alarobia 04 septambra 2024 ny Filan-kevitry ny Minisitra, notarihin'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika Andry RAJOELINA ary natrehin'Andriamatoa Praiminisitra, NTSAY Christian, Lehiben'ny Governemanta, sy ireo Minisitra isan-tokony.

## I- FANKATOAVANA DIDIM-PANJAKANA

Ho fanohizana ireo fanavaozana entina hitondra ainga vao eo amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany sy hanohanana ny fampiroboroboana ny sehatry ny fifandraisan-davitra dia nolanian'ny Filan-kevitry ny Minisitra ireto didim-panjakana manaraka ireto:

### MINISITERAN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY

**Nolanian'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny didim-panjakana mametraka sy mamaritra ireo sata mifehy ny "Bureau de la Géologie, de la Gemmologie et Laboratoire des Mines (BGGLM**). Ny BGGLM no hisahana ny "gemmologie", ireo fanadihadiana ara-jeolojika sy ny fampiroboroboana ny harena an-kibon'ny tany ary ny fanomezana fanamarinana ireo vokatra harena an-kibon'ny tany izay nosahanin'ny "Laboratoire des Mines de Madagascar" (L2M) sy ny "Bureau de Géologie et de Gemmologie de Madagascar"(BGGM) teo aloha. Foana araka izany ireo didim-panjakana laharana faha 2021-277 tamin'ny 10 marsa 2021 nametraka sy namaritra ireo sata mifehy ny "Bureau de Géologie et de Gemmologie de Madagascar" sy ny didim-panjakana laharana faha 2019-1998 tamin'ny 26 novambra 2019 nametraka sy namaritra ireo sata mifehy ny "Laboratoire des Mines de Madagascar ».
Anisan'ny fanavaozana entin'ity didim-panjakana ity ny fanitarana ireo andraikitry ny BGGLM toy ny fanomezana fampiofanana momba ny "gemmologie" sy ny fanolorana tolotra fitiliana ho an'ireo indostria mpitrandraka.

**Nolanian'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny didim-panjakana mamaritra ireo sata mifehy ny Komitim-pirenena momba ny harena an-kibon'ny tany (CNM)**
Araka ny voalazan'ny andininy faha-404 amin'ny lalàna laharana 2023-007 tamin'ny 27 jolay 2023 momba ny fanavaozana ny Fehezan-dalàna momba ny harena an-kibon'ny tany (code minier) dia natsangana ny CNM izay sampan-draharaha misahana ny fifanakalozan-kevitra, ny fanamorana, ny fifampidinihana ary ny fampihavanana.
Mba hampanarahan-dalàna ny fitantanan-draharahan'ny CNM, ity didim-panjakana ity ihany koa dia manitsy ny fandaminana azy ho Sampan-draharaham-panjakana manana sokajy ara-toekarena (Etablissement Publics à caractère Administratif à vocation économique).

**MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA, NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA**

**Nolanian'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny didim-panjakana manova sy mameno ny didim-panjakana laharana faha 2006-213 tamin'ny 21 marsa 2006, manova sy manitsy ny didim-panjakana laharana faha 2019-251 tamin'ny 07 marsa 2019 nananganana ny "Autorité de Régulation des Technologies de Communication de Madagascar (ARTEC)"**. Ny ARTEC dia tompon'andraikitra amin'ny fanangonana ny vola avy amin'ireo sarany amin'ny vokatra (redevances) sy ireo hetra isan-karazany izay arotsany avy hatrany ao amin'ny kaontin'ny FDTIC araka ny lalàna sy fitsipika manankery ao amin'ny Kaonty mandrafitra io tahirim-bola io.

Ny ARTEC dia tompon'andraikitra amin'ny fanatanterahana ny fanaraha-maso ny lafiny fandrakofana ara-jeografika amin'ireo tolotra fifandraisan-davitra fototra sy amin'ny fanaraha-maso ny fanarahan'ireo mpandraharaha ny fanatanterahana ny anjarany amin'ny fahazoana famatsiam-bola avy amin'ny FDTIC.

**Nolanian'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny didim-panjakana momba ny Tahirimbola ho fampandrosoana ny fifandraisan-davitra sy ireo teknolojian-tserasera (FDTIC)**

Efa an-taonany maro no am-perin'asa izany tetibola izany hahafahan'ny vahoaka malagasy indrindra fa any amin'ny tontolo ambanivohitra mampiasa ireo fitaovana fifandraisan-davitra. Mila fanavaozana ankehitriny ny andininy sasany amin'ny didimpanjakana nametraka izany noho ny fivoaran'ny teknolojia sy ny filan'ny mponina mifanaraka amin'ny zava-misy eo amin'ny sehatry ny fifandraisan-davitra sy ny teknolojia vaovao mba hipàka any amin'ny vahoaka ny fampiasana io tahirim-bola io.

Voafaritr'ity didim-panjakana ity ny hanitarana ny famatsiam-bolan'ny FDTIC amin'ireo programa sy tetikasa momba ny fampihenana ny fitokana-monina ara-nomerika, ny fampanarahana araka ny haitao ara-kajy mirindra ireo tolotra omen'ireo sampandraharaham-panjakana sy ny fampandrosoana ny toekarena nomerika. Ny fampiasana ny famatsiam-bola any amin'ireo faritra mitoka-monina dia mijanona ho laharampahamehana amin'ireo fandaharan'asa sy tetikasa voalaza ireo.

***Natao ny 04 septambra 2024***

***Ny Fitaleavan'ny Serasera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika***